**FIZARAM-BAOVAO**

**Antananarivo, faha 02 septambra 2026**

Notanterahina androany, tao amin'ny foiben'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI), etsy Alarobia, ny fivoriana fahenina sy farany ny "Comité de pilotage" sy ny famaranana ny tetikasa RPEDEM na Renforcement des Processus Electoral et Démocratique à Madagascar. Nanatrika izany ny Filohan'ny CENI, Rakotonarivo Thierry, ny Mpandrindra maharitra ny Firenena Mikambana monina sy miasa eto Madagasikara, Ngororano Anthony, ny Solontena maharitry ny Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana ho an'ny Fampandrosoana (PNUD), Edward Christow, ny Masoivohon'ny Japana, Andriamatoa Tojima Hitoshi sy Andriamatoa Dibi Bongro Zephirin, Solontena manokana sy tompon'andraikitra voalohany ny Vondrona Afrikanina eto Madagasikara ary ireo solontenan'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola.

Nandritra ity fihaonana ity no nanolorana ny tatitry ny tetikasa RPEDEM, izay nifantoka ny lafiny ara-teknika tamin'ny andaniny ary mikasika tamin'ny lafiny ara-bola ny ankilany.

Naneho ny fahitany sy ny fahatsapany manoloana ity tetikasa ity ny filohan'ny CENI, Rakotonarivo Thierry, ary nambarany fa ***manana vina mazava ny RPEDEM, dia ny fanorenana indray ny fifanarahana ara-piaraha-monina; ny fanomezana lanja ny safidin'ny tsirairay, ary ny ahafahan'ny rafitra ara-pifidianana maneho amim-pahamarinana sy ampilaminana ny safidy sy ny fahefana ananan'ny vahoaka malagasy. Ity tetikasa ity dia andry iray lehibe eo amin'ny ezaka iombonantsika ho amin'ny fandaminana ny fitantanana, ny mangarahara ary ny fandraisan'anjaran'ny rehetra.***

Ny RPEDEM, izay heverina hatrany ho fototra izay nifantoka indrindra tamin'ny fanatanterahana ny asa ara-pifidianana, dia nohamafisin'ny tetikasa roa manokana, izay natokana ho an'ny fampandraisana anjara ny rehetra sy ny fisorohana ny korontana. Anisan'izany ny Japan Supplementary Budget avy amin'ny Governemantan'i Japana, izay nahafahana nanamafy ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy sy ny tanora, ary koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny CENI amin'ny fitantanana ny angon-drakitra biometrika. Teo ihany koa ny tetikasa Mahasaky, izay nifantoka tamin'ny fisorohana ny korontana tamin'ny alalan'ny fampandraisana anjara ny tanora eo amin'ny sehatry fiainam-pirenena sy ny tontolo ara-politika.

Eo amin'ny lafiny fanatanterahana ny asa ara-pifidianana, nandray anjara tamin'ny fikarakarana ny fifidianana Filoham-pirenena tamin'ny taona 2023, ny fifidianana Solombavambahoaka tamin'ny volana Mey 2024, ary ny fifidianana Ben'ny Tanàna tamin'ny volana Desambra 2024 ny tetikasa. Tsara homarihina fa, sambany teo amin'ny tantaran'ny fifidianana teto Madagasikara, no afaka nifidy tsy nisy fanampian'olona ireo mpifidy manana fahasembanana ara-pahitana, noho ny fampiasana ny bileta tokana amin'ny soratra Braille, hoy ny fanazavan'ny Mpanolo-tsaina Teknikan'ny tetikasa, François Butedi.

Ao anatin'izany ezaka izany ihany koa, nametraka sehatra nomerika telo ny tetikasa, izay novolavolaina niaraka tamin'ny PNUD-Bruxelles: ny iParticipate, natokana ho an'ny fandraisan'anjaran'ny tanora eo amin'ny fiainam-pirenena; ny iReport, natao ho an'ny fampitandremana mialoha sy ny fisorohana ny korontana, ary ny iVerify, natokana ho an'ny fanaraha-maso sy fanamarinana ny vaovao mahakasika ny fifidianana. Amin'ny ankapobeny, nahatratra 13 tapitrisa dolara mahery ny teti-bola manontolon'ny tetikasa RPEDEM.

Raha tsiahivina, napetraka tamin'ny volana Martsa 2023 ny tetikasa RPEDEM, taorian'ny fangatahana nataon'ny Governemanta malagasy. Fa na dia tonga amin'izao famaranana izao aza ny tetikasa RPEDEM, eo am-panomanana ny tetikasa vaovao fanohanana ny sehatry ny fifidianana, izay hisolo toerana azy, dia ny APERM – Appui au Processus Electoral pour la Refondation de Madagascar.